Ny Valosoa sy Fakafaka 2
Vahoaka miaina anaty fahantrana lalina andro Paska

Fidangan'ny vidim-piainana 7
Tsy voaaron'ny fitondrana Rajoelina ny sarambabem-bahoaka


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 14 aprily 2022 Laharana 1286 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Toby fitaizana zaza kamboty 6
Nanolana tovovavy tezaina ny rangahy mpitaiza sy ny zanany lahy

## Fikaonandoham-pirenena 3
# Tsy an'ny mpanohitra fa an'ny Malagasy rehetra



## Paraina Auguste 2
# Tsy mitombina ny filazana fa mbola misy 53% hifidy an-dRajoelina



## Fitsarana mitanila 3
# Gadrao koa Vazahabe hoy Eliana Bezaza



## Vehivavy TIM Analamanga 2
# Nanome rà, aina ho an'ny mpiray tanindrazana aminy



Tranga hafa kely sy mahavariana 6
Zazalahy kely vao teraka milanja 6,05 kg tany Vatomandry

Tranga hafahafa 6
Mpianatry ny CEG tratra niravaka ody gasy

Daka kely
Tsisy mandeha amin'izay laoniny mihitsy ny zavatra ataonareo ry Boaikely a !

Vehivavy TIM Analamanga

# Nanome rà, aina ho an'ny mpiray tanindrazana aminy

Taorian'ny hetsika famonjena ireo traboina vokatry ny rivodoza nisesy teto amin'ny fireena, izay nitondràn'ny Vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM) avy eto Analamanga anjara dia tsy mitsahatra mijery izay rehetra mety hahasoa ny mpiara-belona aminy izy ireo araka ny tarigetran'ny filoha mpanorina ny antoko TIM ny filoha Marc Ravalomanana. Amin'ny maha renim-pianakaviana azy ireo dia eo ny fijerena ny lafiny fahasalamana, indrindra ny fisian'ny marary izay hita ankehitriny fa sahirana noho ny tsy fahampian'ny rà izay aina eny amin'ny hopitalim-panjakàna. Noho izany, nisy ny hetsika fanomezana rà maimaimpoana nataon'ireo Vehivavy TIM Analamanga . Nisy ny fanentanan'ireto farany ireo tanora, na vehivavy io na lehilahy hiaraka aminy hanome rà maimaimpoana ny mpiray tanindrazana aminy, ka mpitsabo avy ao amin'ny foibe fanomezan-drà ao amin'ny Hopitaly Joseph Ravoahangy Andrianavalona (HJRA) no tonga tao Bel' Air, foiben-toeran'ny antoko TIM, nanatanterahana izany . Nisy ny antso nataon'ny dokotera Jean Aime ny amin'ny andraisan'ny fikambanana maro samihafa, mba hanome rà ireo marary, satria maro no mila izany amin'izao fotoana izao . Afaka manatona ny toerana izay manome rà izahay ao amin'ny foibe fanomezan-drà raha ilaina izany hoy izy. Santatra ambavarano no natao hoy ny filoha vonjimaika ny Vehivavy TIM Analamanga, Arphine Rahelisoa, fa hitohy hatrany ny hetsika , ka afaka 4 volana dia hanao hetsika fanomezan-drà indray ny vehivavy TIM, izay hiantsoana ny rehetra any tonga amin'izany: na lahy, na vavy, na antitra, na tanora.



*Hetsika fanomezan-drà natao tetsy Bel'Air.*

***Ny Valosoa***

Paraina Auguste

# Tsy mitombina ny filazana fa mbola misy 53% hifidy an-dRajoelina

Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena misy amin'izao fotoana i Paraina Auguste, mpanao politika: efa filohan'ny Antenimierampirenena, efa ministra ary efa Ambasadaorontsika tany Senegal. Nandritra ny fanatrehany ny dinika savaranonando momba ny fikaonandoham-pirenena natao teny Andraharo, no nanambarany fa fitaka ho an'ny filoha Andry Rajoelina ny firotsahany ho fidiana amin'ny fifidianana amin'ny taona 2023. Nambaran'ity mpanao politika ity tamin'izany fa: "mamitaka ny filoha Andry Rajoelina izay mamporisika azy mbola hirotsaka. Tsy mitombina izany 53% mbola hifidy azy izany amin'ny taona 2023 raha ny zava-misy amin'izao fotoana no jerena. Raha izaho izy tsy mirotsaka hofidiana intsony", hoy Paraina. Mahakasika ny fikaonandoham-pirenena, nambarany fa tena ilaina ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana, 10 tapitrisa eo hoy izy ny mpifidy voasoratra anarana eto amintsika, nefa ny vahoaka manerana an'i Madagasikara ankehitriny 27 tapitrisa, misy tsy mety ao anatin'izany. Maro ireo olona tsy voasoratra ao anaty lisi-pifidianana any rehetra any tokony hampidirina. Tsy mitombina ihany koa raha faritany iray, mitovy amin'ny antsasaky ny faritany 5 hafa ny isan'ny mpifidy ao aminy.



*Ny mpanao politika Paraina Auguste.*

***Nangonin'i Niaina***

Fiainan'antoko

# Iharan'ny politim-pizarana avy amin'ny mpitondra ny Arema

Manaiky hiditra ao anatin'ny Governemantan' i Ntsay Christian Ramatoa Ratsiraka Sophie, izay mitazona ny Ministeran'ny Asa tanana, kanefa dia tsy dia nahitana fahamatorana ara-politika ity farany, satria tsy misy drafitra mavaza entina hitantanany ny Ministera hatramin'izao. Tafiditra ao anatin'ny politikam-pizarana izay ataon'ny fitondram-panjakana Ramatoa Ratsiraka Sophie, mba hanakorontanana ny antoko Arema ary efa fomba fiasan'ny fitondrana Tetezamita hatramin'izay izany fizarana antoko izany, satria efa nampidirina tao anatin'ny fitondran'i Andry Rajoelina ny ankolafy Ravalomanana, sy ny ankolafy Zafy Albert ary ny ankolafy Ratsiraka tamin'izany fotoana. Ifampitadiavan'ny mpitondra ny antoko manana olona, rehefa manakaiky ny fifidianana toy izao ary tsy mahagaga raha iharan'ny politikam-pizarana avokoa ireo antoko sangany, anisan'izany ny antoko Arema, satria tsy manana foto-kevitra maharesy lahatra intsony ireto farany ary miharihary izao, fa mitady seza ny antoko Arema satria tafiditra ao anatin'ny fandriky ny mpitondra . Araka ny fanehoan-kevitra nataon'ireo olom-pirenena amin'ny alalan' ny onjam-peo tsy miankina eto an-drenivohitra dia tsy hita taratra loatra ny asa vitan'ny Minisitry ny asa tanana, satria mandany andro manatanteraka fidinana ifotony mitety an'ireo mpanao asa tanana manerana ny nosy fotsiny no ataon'ity farany ary miezaka maneho amin'ny filoham-pirenena, fa miasa izy ireo amin'ny fanatanterahana ny baikony. Nilaza ireo mpanara-baovao, fa tsy tsara ho an'ny fitondram-panjakana ny fisian'ny olona maimay te hahazo seza, fa tsy resy lahatra amin'ny vinan'ny filoha akory, amin'ny fanatanterahana ny velirano.



*Ny ministry ny asa tanana Sophie Ratsiraka.*

***Franck Razakambelo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Vahoaka Malagasy miaina anaty fahantrana lalina andro Paska

Ao anatin'ny fotoana iainana ny herinandro masina ny mpino kristiana amin'izao fotoana izao. Zava-dehibe ho azy ireo izany ary ity alakamisy ity aza no tena andro lehibe ho azy eo amin'ny finoany, mialoha ny alahady andro Paska izay fototra iorenan'ny finoany, noho ny fandresen'i Jesoa Kristy ny fahafatesana sy nitsanganany tamin'ny maty. Tsy an'ny kristiana ihany anefa ny andro lehibe, fa iombonany amin'ny olombelona rehetra, ary na tsy kristiana aza dia manome lanja izany andro Paska na Paka izany, na dia tsy mifanaraka loatra amin'ny finoana kristiana aza ny hanamarihany azy. Dia iaraha-mahita irey fety aman-danonana maro samihafa, mbamin'ireo zavatra na sakafo isan-karazany entina hanamarihana izany.

Izay indrindra no misarika ny saina ny hijery ny amin'ny fanomezan-danja ataon'ny fitondrana izany fotoana izany. Mahakivy raha ny zava-misy eto amin'ny tanànan'Antananarivo renivohitra no jerena. Ny zava-misy miharihary, maloto ao anaty fako Antananarivo. Ao anaty fako sy loto no ampiainan'ny fiadidiana ny tanàna ny mponina Antananarivo sy ny manodidina azy, ao anatin'izao herinandro miditra ny Paska izao. Tsy fanomezan-danja ny andro sy ny fetin'ny Paska izany n'inona n'inona fanazavana. Raha handalo sy hitsidika amin'ny toerana iray ny filohan'ny Repoblika, mazava loatra, fa hikoropahan'ny tomponandraikitry ny tanànan'Antananarivo ny fanadiovana amin'izany. Eto anefa, andro lehibe ho an'ny maro, kanefa tsy mahamaika ny asa fanadiovana ny tanàna. Ny any an-trano fonenan'ireo tomponanandraikitra na ny an'i Vazahabe Ben'ny tanàna tsy tehafin-dalitra araka ny fitenenana, fa ny toerana iainan'ny vahoaka isan'andro zara raha atao. Azo itarafana sy andrefesana mazava tsara ny fomba fisainana sy ny fomba fiasa eo anivon'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo renivohitra izany toe-java-misy izany. Ny zava-dehibe ho an'ny vahoaka tsy mahamaika sy tsy mampiraika ny mpitantana.

Tsy tokony ho hadinoina ary tokony ho fantatra ihany koa raha tsy hay, fa misy fiantraikany amin'ny fomba fisainan'ny mponina ny fahadiovan'ny tanàna amin'ny fotoan-dehibe samihafa, fa tsy amin'ny andro fetin'ny Paska toy izao ihany. Ary tokony ho isan'andro aza izany, fa iny lasa fampanantenana poak'aty nataon'ny Ben'ny tanàna tamin'ny fampielezan-kevitra fotsiny sy namitahana ny mponin'Antananarivo. Iray ihany ny Ben'ny tanàna sy ny fitondrana Rajoelina, mitovy fomba fiasa sy fomba fisainana amin'ny fitantanana ny firenena. Iray antoko rahateo ireo. Raha atao mahitsy ny filaza azy, tsy misy fivoarana Antananarivo renivohitra tao anatin'izay nitondran'ny Ben'ny tanàna ankehitriny azy izay. Toy izay ihany koa ny firenena tantanin'ny fitondrana Rajoelina. Vao mainka aza miha- mihitsoka lalina hatrany ao anaty fahantrana ny sarambabem-bahoaka. Ilay vahoaka malagasy miaina anaty fahantrana miatrika ny fetin'ny Paska 2022.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Toa mangotrakotraka izany ny toe-draharaha eto amin'ny firenena

Tsy mitsahatra misondrotra ny hafanana eo anivon'ny toe-draharaha eto amin'ny Firenena, eo amin'ny sehatra rehetra, ka efa mangotrakotraka mitady hanapoaka sarom-bilany izay rehetra ihàran'izany. Na izany aza dia mihevitra ny mpitondra, fa rehefa miezaka mamono afo amin'ny fomba rehetra izy dia ho toy ny sosoa tapohan-drano ny toe-draharaha, ka hihena ny hafanana. Ny mifanohitra amin'izany anefa ny zava-misy satria toa vao manika mandroso kitay ao anaty afo izany, ka azo inoana fa hiitatra tsy azo tohaina manerana ny Nosy ny hafanana, ka hotsofin'ny entona mahamay ny sarom-bilany. Eto an-drenivohitra dia avoakan'ny haino aman-jery, fa voasambotra na voatifitry ny mpitandro ny filaminana ny mpangarom-paosy sy mpanendaka ary mpanafika fivarotana. Toy ny rano mitete ao anaty ranomasina anefa izany, satria any amin'ny amin'ny tany lavitr'andriana any dia miraviravi-tànana ny vahoaka noho ny asan-dahalo ary sarotra ho an'ireo mpampandry fahalemana no miaro ny mponina sy manosika ireo fahavalom-bahoaka. Tsy ampy fitaovana sy vitsy olona ny mpiaro ny vahoaka sy ny fananany, satria mitangorona an-tanàn-dehibe ny fiara mifono vy sy ny fitaovam-piadiana mahery vaika, ny tafika sy polisy ary zandary. Tsy hita any amin'ny kaominina ambanivohitra ihany koa ny « drône » sy ny angindimby entina manenjika ny dahalo. Noferana ny vidiny ambony indrindra ho an'ny entana ilain'ny mponina andavanandro ho an'ny eto amin'ny Faritra Analamanga. Tsy fantatry ny mpitondra angamba fa misy ny fifaninanana malalaka eo amin'ny resaka vidin-javatra, ka tsy eny amin'ny mpaninjara no arahi-maso fa ny mpambongady, kanefa tsy sahin'ny tomponandraikitra ny manao izany, satria saiky karana no misehatra amin'izany. Any ambany ravin-kazo koa dia mijaly ny vahoaka satria tsy manana fahefa-mividy intsony, satria efa valonjato fara-fahakeliny ny iray kapoaka amin'ny vary. Tsy mandray ny andraikiny ny mpiasan'ny minisiteran'ny varotra any an-toerana noho ny antony tsy fantatra. Tsy manana vahaolana matotra ny fitondrana amin'izao fotoana izao eo amin'ity sehatry ny vidim-piainana ity kanefa dia anisan'ny fototry ny tsy fandriampahalemana izany. Manampy trotraka ny toe-draharaha ny tsy fananana asa satria rehefa noana ny kibo dia mivezivezy ny fanahy. Raha ny eto an-drenivohitra manokana no jerena dia mitombo andro aman'alina ny mahantra, sy matory eny rehetra eny ary ny ankamaroan'izy ireny dia vehivavy manana zaza roa na telo. Tsy voavaha ihany koa ny olan'ny kere any Atsimon'ny Nosy ary tsy ny any ihany intsony no misy ity toe-javatra ity fa efa mikisaka mianavaratra. Eo amin'ny sehatry ny politika dia miha-mafana ny toe-draharaha, satria miatrika vava ady roa ny ao amin'ny fitondrana satria ankoatry ny mpanohitra izay tsy mitsahatra ny mitsikera sy manakiana ny tsy fahaiza-manao sy ny tsy fahaizamitantana ary ny fanitsakitsahan-dalàna ataon'ireo olomboafidy, na olomboatendry manana andraikitra eo amin'ny fitondrana dia miady an-trano samy te-ho lohany ry zareo. Tsy takona hafeninana intsony ity toe-javatra farany ity, satria toy ny mpiady an-tsena ny ao amin'ny fitondrana ao, ka imasom-bahoaka no manondrana. Tsy maintsy rava anefa ny fanjakana miady an-trano satria tsy misy afaka manetry tena, ka tsy mihevitra afa tsy ny ho an'ny tena ihany. Ny tena ahiana hampangotrakotra ny rano amin'izao fotoana izao dia ny tsy fandoavan'ny mpitondra ny vatsim-pianarana sy ny karaman'ireo mpandraharaha ara-pitantanana sy teknika eny amin'ny Anjerimanontolo ary ny an'ireo orinasa nanamboatra làlana. Rehefa mitambatra ireo loza mihàtra eto amin'ny Firenena ireo dia tsy maintsy hiray hina ny traboina rehetra, ka hitady ny fomba mahomby sy voasaina entiny hanohitra sy hamongotra izay nahatonga ny loza.

*Andry Tsiavalona*

**Fitsarana mitanila**

# Gadrao koa Vazahabe hoy Eliana Bezaza

Manoloana ny fisian'ny fitsarana mitanila eto amintsika amin'izao fotoana, nampiaka-peo ny sekretera nasiônalin'ny antoko PSD (Parti Social Democrate), Eliana Bezaza. Raha ny fanambarana izay nataony, tokony ho gadraina koa ny ben'ny tanànan'Antananarivo Vazahabe Naina Andriantsitohaina. Nanambara ity mpanao politika avy any amin'ny faritra Sofia Mahajanga ity fa:"Pôle Anti Corruption, na PAC, atsaharo ny fanavakavahana : rehefa maire ambanivohitra aminay Mahajanga aty dia gadraina avy hatrany, fa ny henjana ampangain'ny betsaka manao kolikoly ao Antananarivo ao tsy gadraina. Ampitovio ny olona rehefa samy nanao. Raha tsy izany dia aza misy gadraina ary avoahay ireo efa nogadrainareo. Atsaharo io fitsarana mitanila io", hoy izy. Ny zava-misy tokoa amin'izao fotoa6 na, modian'ny fitsarana amin'ny ady amin'ny kolikoly fanina fotsiny, ny fandikan-dalàna ankehitriny izay hita fa nataon'ny ben'ny tanànan'Antananarivo. Samy mametraka fanontaniana koa ny maro, rehefa ny kaominina lehibe toy ny kaominina Antananarivo Renivohitra izany dia afaka mindram-bola amin'ny Cnaps, fa raha ny kaominina hafa madinika, na any amin'ny faritra tsy afaka manao izany. Tena hita tokoa fa toa misy ny fanavakavahana amin'izao fitondrana Andry Rajoelina izao.

*Stefa*



*Eliana Bezaza, avy amin'ny antoko PSD.*

Fikaonandoham-pirenena

# Tsy an'ny mpanohitra fa an'ny Malagasy rehetra

Notanterahana teny Andraharo ny talata lasa teo, ny dinika savaranonando, ho fanomanana ny fikaonandoham-pirenena hatao eto amintsika. Nasaina niatrika izany avokoa ny antoko politika na mpanohitra, na miara-dia amin'ny fitondrana, ny avy amin'ny fiarahamonim-pirenena, fikambanana samy hafa,... Tsy tonga niatrika izany anefa ny mpiara-dia amin'ny fitondrana. Raha ny nambaran'ny isan'ny mpikarakara izao hetsika izao anefa, ny depioten'Ambohidratrimo, sady kestoran'ny Antenimierampirenena Mamy Rabenirina, fa tsy an'ny mpanohitra ihany ny fikaonandoham-pirenena hatao, fa ho an'ny Malagasy rehetra tsy ankanavaka mahatsapa fa tsy araka ny tokony ho izy ny lisi-pifidianana misy amin'izao fotoana izao. Toy izany koa ireo lalàna samihafa mifandraika amin'izany, toy izany koa ny tokony hanamboarana ny lalampifidianana, mba ho eken'ny rehetra tsy hisy romoromo ny fifidianana rehetra ho avy eto amintsika ary ho fanjakana marin-toerana no hijoro ao aorian'izany fikaonandoha nasiônaly izany, hitondran'ny olompirenena rehetra ny soso-keviny hamahana ny olana maro samy hafa misy amin'izao fotoana izao. Fakana hevitra ho entina amin'ny fikaonandohampirenena no natao ny talata lasa teo io. Nivoitra tamin'ny fandraisam-pitenenana nandritra izao dinika savaranonando izao koa, fa tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy intsony ny lisi-pifidianana eto amintsika, betsaka ny lesoka momba ny lalàna samihafa eo amin'ny resaka fifidianana ary hita koa fa misy fitanilana ny rafitra miandraikitra ny fifidianana toy ny CENI, sy ny HCC, ka mila hahitsy ny momba izany rafitra izany. Arak'izany, misokatra ho an'ny rehetra ny fikaonandoham-pirenena ho avy eto Madagasikara io, ary tokony ho tanterahana izany mialohan'ny fifidianana ho avy ary tokony tsy ho ela ny hanaovana azy.

*Isambilo*

Raharaham-pirenena

# Toa olom-boavidy ireo olom-boatendry eto amintsika

Taorian'ireny hetsika samihafa teto Analamanga, sy ireo sasantsasany tany amin'ny faritra ireny, dia tsy vitsy ireo olona sendra anay no nanao fanamarihana, fa ireo olom-boatendry no betsaka be vinany, toy ny Governora, ny tale ao amin'ny orinasam-panjakana, ny filoham-pokontany, ireo tompon' andraiki-panjakana eo anivon' ny fiadidiana ny repoblika, ny talen'ny kabinetra sivily eo anivon'ny prezidansa sy ny sisa..., no tena manimba haingana ny fifampitondrana, satria lasa fieboeboana, fisolelahana fotsiny ihany ilay toerana nomena, ka lasa kitoatoa avokoa ilay manara-penitra antsoantsoina tsy misy farany ity. Tsy misy na iray aza amin'ireo olom-boatendry, mba mitsikera ny làlan-diso sy mba manoro ny filoha Rajoelina milaza izay laharam-pahamehana, fa dia manaiky tsy fidiny izay voalaza eny rehetra eny fotsiny, manamafy ny feo: MARINA SA TSY MARINA , avoakan' ny kabary izay atao, nefa tsy voahevitra amin'ny mpiahy ny asa mivantana ohatra.
Ny lisi-pifidianana ohatra, eny anivon'ny fokontany maro, dia tsy mba nanaovana fanamarinana hentitra akory, fa dia ny omaly tsy miova ihany hoy ny rehetra, satria raha olon-dRajoelina ny sefo na filo- ham-pokontany iray, dia sahirana ihany hitsikera ny CENI izay efa hanakatona io asa fanavaozana lisitra io, mahita ny tsy rariny amin'ireo anarana mbola tazana nefa efa nodimandry, na nifindra toerana, tsy sahy miteny sao dia voatsipaka eo amin' ilay toerana, ka manaiky tsy fidiny. Eo koa ireo Governora izay notendrena avokoa, nefa na mahita ny tsy mety aza dia tsy sahy miteny manoloana ny mpiara-monina aminy toy ireo lalana sy fako ary fitaterana samihafa, satria anarana fotsiny ihany fa tsy afa-maneho hevitra. Ny minisitra moa efa niovaova foana, satria be ireo nomena andraikitra nefa tsy mifanaraka amin 'ny mari-pahaizany sy ny traikefa hananany akory, ka lasa manaonao foana.
Ny olom-boafidy indray dia sahy miteny rehefa mahita ny tsy mety manodidina azy, nefa dia very hasina tsikelikely, tsy misy manohana mihitsy rehefa mba maneho ny heviny, fa tonga dia fandrahonana mivantana hatrany raha vao mitsikera ny tsy mety sy ny rariny eo, toy ny raharaha Clemence Raharinirina, ny seho sy tranga tany Ikongo: resaka solombavambahoa-ka Brunelle, sy ireo lehi- ben'ny fokontany ovaovaina, omen-tsiny raha vao tsy manohana andRajoelina. Lasa olom-BOAVIDY avokoa ny zava- misy, satria na ny vola valin-katsembohana aza, karama, bourse tsy azo, dia sangisangy ratsy avy amin 'ireo olom-boatendry avokoa amin ny ankapobeny.

*Beharo*

## TONONKALO

### NY MPITONDRA ANKEHITRINY

Maneno sahona daholo ireo rehetra izay alehany,  
Tsy araky ny fidedahany na koa ny fireharehany.  
Tsisy olana voavaha f`izay ataony dia mihitsoka.  
(Izay no marika hamantarana ny mpitondra tsisy hafitsoka!)

Amin`ny seha-pitsaboana, raha todihana vita:  
Ny mpanampy ny mpitsabo , atao filan-dRatsimahita.  
Tsy omena ny karamany , ary arirarira foana,  
Nefa olo-mihinan-kanina sy mba mahalala noana !

Amin`ny sehatra ambara fa iraisam-pirenena,  
Marobe ireo hagegena , tena mampanongo tena !  
Tena diso ny safidy sy ny lalana nizorana:  
Manohana mpanani-bohitra "ny mpitondra fozaorana"!

Amin`ny seha-pampianarana dia vao mainka tena loza,  
Fa grevy sesilany no miandry ireto foza.  
Na mpampianatra na mpianatra dia mihetsika daholo,  
Ka manjary toy ny maty ilay Anjerimanontolo !

Amin`ny sehatry ny varotra dia tsy misy zava-banona.  
Tsy voafehy ny vidin`entana fa misonga tsy mijanona.  
Ireo akaikin`ny mpitondra no manjaka sy mandidy,  
Ka dia ny vahoaka hatrany no mizaka ny mangidy !

Filaminana , tsy misy , sady izao no tena lalina:  
Mihamitombo ireo mpanendaka na ny antoandro na ny alina.  
Ireo bebaoty dia indrisy , tsy miaro ny vahoaka,  
Fa nataon`ireo mpitondra hiarovan-tseza sy kapoaka !

…Izay ilay fitondrana misy sy mijoro ankehitriny,  
Miaro iretsy mpanambola, akamakama sy vahiny.  
Koa meteza isika hijoro, isika izay nampahantraina.  
Mifohaza, tonga ny ora, mba meteza ho tonga saina !

*DADAN`i RIANA (12-04-22)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Dinika Savaranonando ho fanomanana ny fikaonandoham-pirenena hatao eto amintsika ato ho ato.**


















# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo

**Hetsika fanomezan-drà maimpoana avy amin'ny olon-drehetra, nokarakarain'ny Vehivavy TIM Analamnaga tetsy Bel'Air.**

















Diaspora Vonona Morondava Mionjo

# Nanavao ny lakozian'ny CHRR Namahora Morondava

Nasiam-panavaozana ny trano fikarakarana sakafo, na lakozia ao amin'ny CHRR Namahora Morondava faritra Menabe, raha efa simba izay tsy azo nampiasaina intsony teo aloha, ka ny Associations Diaspora Vonona Morondava Mionjo (DV2M), no niantoka ny fanavaozana ity lakozia ity, izay mitentina 150000000 Ariary natolotra ny hopitaly CHRR Namahora. Ny sabotsy teo ity fotodrafitr'asa ity no noraisin'ny talem-paritry ny fahasalamana any Menabe . Velompisaorana ny hopitaly, satria dia hilamina indray ny fandami-



nana ireo mpitondra marary, indrindra ireo avy any ambanivohitra. Nilaza ny avy ao amin'ny Diaspora Vonona Morondava Mionjo, fa santatra ihany ity, fa hitohy ny asa sosialy izay ataon'izy ireo.

Ny DV2M dia fikambanan'ireo zanak'i Morondava mila ravinahitra any ampitan-dranomasina, izay niorina tamin'ny aprily 2021, ahitana mpikambana 45, ka ny telo solontena aty Morondava raha miparitaka amin'ny firenena valo any ampitan-dranomasina kosa ny mpikambana hatreto. Ny tsipaipaika izay ataon'izy ireo no entina manao ny asa izay kinasa . Tsara ny manome noho ny mandray, saingy lasa ihany ny saina hoe fanavaozana lakozia no nahalany 150 tapitrisa Ariary!

***Rajepa***

Tranga hafahafa

# Mpianatry ny CEG tratra niravaka ody gasy

Raha nanao ny asa fisafoana kizo ireo zandary miasa ao amin'ny fokontany Marovoay kaominina ambanivotra Bemanonga, distrikan'i Morondava faritra Menabe dia nifanena tamin'ny tovolahy iray izay nampiahiahy, ka nosavaina avy hatrany ity farany ary nahitana moara sy fanafody gasy maro teny ambozonany, saingy takon'ny ankanjo nanaovany. Nitondra famaky roa sy antsy koa izy tamin'izay. Nilaza moa ity lehilahy ity, fa mpianatra kilasy faha sivy ao amin' ny CEG Bemanonga, ka satria tonga ny fialan-tasatry ny Paka dia hody hamonjy ireo ray amandreniny izy ary noho ny la-



lana lavitra hombany, no nahatonga azy niravaka ireo ody gasy izay lazainy fa fiaro. Ny rainy koa raha niresaka tamin'ny mpanao gazety dia nilaza fa noho ny tany tsy milamina dia mampiasa fiaro (ody gasy) avokoa ireo any ambanivotra, indrindra fa ireo manan'omby na dia izany anefa dia mitovy amin'ny ody gasy toy ny ampiasain'ireo dahalo avokoa no tratra tamin'ity mpianatra ity . Marihina fa voamarina tokoa araky ny antso izay nataonay tamin'ny talen'ny CEG Bemanonga, fa mpianatra ao amin'ny sekoly iadidiany ity tovolahy ity . Ny sabotsy teo ihany koa dia olona efatra mpifoka rongony no saron'ny zandary mpanao fisafoana amin' ny alina tao amin'ny fokontany Tsimavaobe kaominina ambonivohitra Morondava, nandritra ny fanadihadiana, no nanononan'izy ireo ny fividianany rongony, izay mpivady mipetraka ao Ankisirasira, efa matetika tratra nefa ny mahagaga ny rehetra eny fa hatramin'ny mpitandro filaminana aza, fa rehefa tonga eny amin'ny fitsarana dia votsotra foana. Mitohy ny famotorana azy rehetra ireo ary aorian' izay dia atolotra ny fitsarana izy rehetra.

***Rajepa***

Toby fitaizana zaza kamboty

# Nanolana tovovavy tezaina ny rangahy mpitaiza sy ny zanany lahy

Tranga mahamenatra sy mampivarahontsana no nitranga tamin'ny Toby fitaizana zaza kamboty iray, naolan'ny lehilahy lehibe mpitaiza sy ny zanany lahy, ny tovovavy iray tezaina ao amin'izany Akany izany. Tovovavy 21 taona hanala bacc amin' ity taona ity, kamboty ray, ny reniny sahirana any ambanivohitra Antsirabe. Ny naman'ny dadany, izay mitantana Toby mpiandry lehibe eto no nandray sy mitaiza azy. Taty aoriana anefa, naolan'io rangahy lehibe io sy ny zanany lahy io tovovavy io, ka saika namono tena. Ny mpampianatra azy no nitarainany, ka nitondra ny raharaha eny amin'ny Centre Vonjy, sy ny Commissariat Central. Voasambotra izy mianaka voarohirohy. Hiakatra fitsarana anio alakamisy io raharaha fanolanana io. Ny olana anefa dia voalaza, fa sady manam-bola no lava-tanana ireo voarohirohy, ka matahotra ilay mpampianatra sy ilay tovovavy, fa ho afaka madiodio izy ireo. Mangataka fanampiana ilay tovovavy, satria tsy afaka hiverina any amin'ilay toby intsony. Aoka isika kristiana mba sahy hijoro, fa tsy hifampiaro amin'ny ratsy.

***Niaina***

Tsy fandriampahalemana

# Vadina mpampianatra sy zaza 2 nisy naka an-keriny

Nitrangana fakana an-keriny tao amin'ny fokotany Tanambao Ambato, kaominina ambanivohitra Tsarahotana distrikan'i Belo Tsiribihina ny sabotsy teo, tokony ho tamin' ny roa ora maraina, ka nalain'ireo dahalo an-keriny ny vadin'ny talen'ny EPP tao an-toerana, niaraka tamin'ny zaza roa mianadahy, izay zanaky ny mpivarotra enta-madinika ao an-toerana. 7 taona sy 15 taona ireto zaza ireto. Vola 16 tapitrisa ariary no takian'ireo mpaka an-keriny ho takalon'ny famotsorana ireto olona 3 mianaka ireto, koa manao antso avo amin'ny mpitandro filaminana ireo fianakaviana fa tsy manana io vola be io. Raha nangingina ny fakana an-keriny tao amin'ny distrikan'i Mahabo dia toa mikisaka any amin'ny distrikan'i Belo Tsiribihina izao indray.

***Rajepa***

Jono any Menabe

# Mitaraina ireo mpanara-dalàna satria mirongatra ny tarikaky

Mirongatra ny fampiasana harato tsy ara-dalàna na fampiasana tarikaky ao amin'ny ranomasin'i Morondava, ka manoloana izany dia nanao be midina ny talem-paritry ny Jono ato Menabe niaraka tamin'ireo vondron'olona ifotony, nanenjika ireo mpanao tarikaky, ka harato lehibe roa no tratra, raha nitsoaka kosa ny tompony. Isan'ny hanenjehina azy ireo ny fampiasana harato tsy manara-dalàna ary ny fihazana tsy nahazoana alalana. Lay tokony hiadivana amin'ny tazomoka no hatambatr'izy ireo amin'ny harato, ka manimba ny harena anatin'ny rano. Nanambara ny talem-paritry ny Jono, fa tsy manakana ny olona hihaza izy, fa miantso ny mpihaza hanara-dalàna ary hampiasa ny harato manaraka ny fenitry ny jono. Mitohy hatrany ny hetsika izay iarahan'ny fitaleavam-paritry ny Jono sy ny vondron'olona ifotony ary ny mpitandro filaminana. Etsy ankilany kosa dia mitaraina ireo mpihaza mampiasa tarikaky, fa mahatsiaro sahirana izy ireo, tsy vitan'ny efa tsy manana fitaovana entina mihaza lavitra dia ny harato izay, mba hahafahany mivelona indray no raofina, koa mangataka izy ireo, mba hatao araky ny halalin'ny rano ny lalàna mifehy ny mason'harato satria tsy manana fitaovana entina mihaza any amin'ny ranomasina lalina be any izy ireo, fa ety amoron-dranomasina izay tsy misy afa-tsy patsa sy fia madinika ihany, ka harato be maso tsy hahazo izany mihintsy nefa hoy hatrany izy ireo io no mba fivelomany.

***Rajepa***



Tranga hafa kely sy mahavariana

# Zazalahy kely vao teraka milanja 6,05 kg tany Vatomandry

Tranga hafa kely tsy fahita sady mahavariana no nitranga tany Vatomandry faritra Atsinanana. Lehibe tokoa ny zazalahy kely vao teraka raha ny nitranga tany an-toerana. Teraka afak'omaly alina tao amin'ny Hopitaly Vatomandry, Rabemananjara Ron, zazalahy kely milanja 6,05 kg. Tsy fahita ny tranga toy izany, satria ny zaza vao teraka raha ny aty amintsika amin'ny ankapobeny dia latsaky ny 3 kg, ka hatramin'ny 4 kg latsaka. Ity tranga iray ity anefa, dia nihoatra be amin'ny misy eto amintsika hatramin'izay. Arahabaina ny ray aman-drenin'i Ron, zazalahy kely tena dongadonga be.

***Stefa***



*Ron, zazalahikely tena dongadonga be, vao teraka tany Vatomandry.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 09/04/2022 hatramin'ny 16/04/2022**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Ravalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1286-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIDANGAN'NY VIDIM-PIAINANA**

# Tsy voaaron'ny fitondrana Rajoelina ny sarambabem-bahoaka

Mifamahofaho be ihany ny resaka mandeha etsy sy eroa amin'ny fiakaran'ny saran-dalana. Efa misy ny mandefa resaka ny amin'ny hiakaran'ny saran-dalana aorian'ny fetin'ny Paska, fa ho lany hono ny tahirintsolika. Ny any amin'ireo mpitatitra toy ny resevera mazava loatra no miteny izany, ary matetika dia mamaly avy hatrany ny mpandeha manitsy azy ireo, fa tsy hisy izany. Samy mampiaka-peo ny momba izany ny andaniny sy ankilany any anaty fiara fitateram-bahoaka any. Indraindray koa anefa eny an-tsena eny misy adihevitra momba izany. Araka izany, tsy tafita ny filazan'ny tomponandraikitra nanazava ny amin'ny momba ny tahirin-tsolika amin'izao fotoana izao, matoa misy izany rehetra izany.



Etsy ankilan'izay, ny mahalasa saina ny maro, dia ny fandrenesana hatrany, fa mbola misy hatrany ny trosan'ireo kaompania mpandraharahan'ny solika amin'ny Orinasa Jirama na ny fitondrana. Ho an'ny maro, dia tsy misaraka ireto roa farany, satria ny fitondrana na ny fanjakana no manavotra ity orinasa ity rehefa sempotry ny trosa. Efa nisy fotoana nandrenesana, fa vita ny trosan'izy ireo ary voaloa avokoa. Anisan'ny nilaza izay ny Praiminisitra, izay nilaza fa niezaka ny fanjakana nanala izany. Izao indray anefa re fa misy ny trosa, izany hoe tsy araky ny vahoaka intsony izay marina momba io resaka io.

Ho an'ny sarambabem-bahoaka, dia tsotra ny azy, ny tsy hiakaran'ny vidin-tsolika izay hipaka any amin'ny fiakaran'ny saran-dalana, fa misy fiantraikany hatrany anaty vilaniny izany. Tsy maintsy handaroka bebe kokoa noho izao indray mantsy ny fidangan'ny vidim-piainana, noho ireo entana fanjifa andavanandro rehetra tsy maintsy hisondrotra avokoa, hatramin' ny mandinika indrindra. Avy eo izany tsy maintsy hahadona ny lafim-piainan'ny sarambabem-bahoaka iray manontolo mihitsy. Ny fiarovana ny vahoaka tsy hihàran'izany no ilàna izao fitondrana izao. Hatreto anefa tsy hita ho antenaina amin' izany izy, eny na mandrapahatapitry ny fe-potoana iasany ato anatin'ny volana maromaro sisa aza.

***Radafy***

Fisokafan'ny sidina iraisam-pirenena

# Mpizahatany miisa 300 mahery no tonga any Nosy-Be omaly

Nisokatra nanomboka omaly, ny sidina iraisam-pirenena any Nosy-Be faritra Diana, arak'izany nisokatra amin'ny sidina avy any ivelany koa ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenen'i Fascène. Sidina NEOS mampitohy an'i Milan any Italy sy i Nosy-Be io tonga omaly io. Mpizahatany miisa 336 no tonga any amin'ny Nosy Manitra, renivohitry ny Ylang-Ylang eto amintsika. Heverina fa hanomboka hiarin-doha amin'izay ity sehatry ny toekarena: fizahantany ity any an-toerana. Efa tena latsaka an-katerena tanteraka ireo mpisehatra rehetra amin'izany tany Nosy-Be, toy izany koa ny mponina, noho ny fikatonan'ny seranam-piaramanidina tany an-toerana, vokatry ny fepetra noraisina momba ny valanaretina coronavirus.

***Aly***





***Ny seranam-piaramanidin'i Fascène any Nosy-Be.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 391**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0390)

***Mitsivalana***
- Sambatra
- Avia – Ao
- Mololo
- Valala (miv)
- Oh – Ivato
- Ronono (miv)
- Aoka – Aba

***Mitsangana***
- Sampona
- Avo
- Mila – OK
- Baolina
- Lavo
- Taolana
- Ro – Bota (miv)
- Arovy

### TENY MIFANAPAKA N° 391




**Mitsivalana**
**1.** Drakaka – Tan‡na (miv) **2.** Vorona **3.** Sakafon-jaza – Zavamaniry (BR) **4.** Ao amin'ny Baiboly – Kianteny Iharana – Mpanoritra **5.** Nifintina – Tovona **6.** Hazo maro – Hery sy tanjaka **7.** Hita amin'ny biby sasany **8.** Skoto (miv) – Hira masina (miv) **9.** Maimbo, lo (miv) **10.** Mpitily, mpanarangarana

**Mitsangana**
**A.** Tanindrazany **B.** Zava-maniry – Rova (BR) **D.** Tompo Tsitoha **E.** Feo miverina – Tonia (miv) **F.** Malahelo (miv) – Osy bory rambo **G.** Fanontaniana – Mipoaka **H.** Mpiasa mpanampy – Biby fiompy (miv) **I.** Bibikely (miv) – Naoty – Teny mand‡ **J.** Fety fialam-boly (miv) **K.** Alina – Tsy mahazaka toaka (BL)

### Valiny Teny mifanaraka 0390

**Mitsivalana**
1.Farara - LMN 2. (T)ale - Ity, io 3. Rakitra - As 4. Ino ? - Reniny 5. Ta - Sahala 6. Ha - Iraka 7. No - Kanefa 8. Ambarao 9. Fa(rarano) - Fay 10. Fokonolona

**Mitsangana**
A Faritana B. Al‡na - Omeo D. Reko E. Sakafo F. Ritra - Nara (miv) G. Atrehina H. Ianareo I. Faly (miv) - Fo J. Mianaka - An K. Nosy - Fia

## NY TENY FIAINANA

*"Tsara ny mahazo fahendrena noho ny volamena, ary tsara ny mahazo fahalalana noho ny volafotsy".*
***Ohabolana 16:16***

**"COUPE DE MADAGASCAR DE JUDO 2022"**

# Hangotraka eny Ankorondrano hanomboka anio

Hanomboka anio alakamisy 14 ka tsy hifarana raha tsy amin'ny sabotsy16 aprily 2022, ny fifaninanana "Coupe de Madagascar de Judo 2022". Omaly alarobia 13 aprily 2022 dia nisy ny fanatanterahana "Séminaire CTR Part 1" sy "Séminaire CTR Part 2" ary "Séminaire Arbitre", sy fanaovana « Examen Passage de grade » teny amin'ny LTP Alarobia, tamin'ny maraina ary teny amin'ny kianja mitafon' Ankorondrano kosa dia nisy ny tamin'ny maraina ary « Pesée non officielle Vétéran » sy « Pesée officielle Vétéran » ary « Réunion technique et tirage au sort Vétéran » tamin'ny hariva.

Mpiara-miombon'antoka amin'ny Federasiôn'ny Judo ireo mpiara-miombon'antoka aminy tarihan' ny S2PC Peintures.



*Mpanao Judokas Malagasy.*

**Fandaharam-potoana amin'izany:**
14 aprily 2022 :
08:00-Fanokafana ny fifaninanana ho an'ny Nage No Kata,
10:30-Fanombohan'ny fifaninanana ho an'ny Vétéran,
14:00-"Bloc final veteran ",
17:00-"Pesée non officielle Minimes et Séniors",
18:00-"Pesée officielle Minimes et Séniors",
18:30-"Réunion technique et tirage au sort Minimes – Cadets – Juniors & Séniors ".
15 aprily 2022 :
08:30- Fanombohan'ny fifaninanana ho an'ny Minimes sy Séniors,
15:00-"Minimes et Séniors blocs Final",
14:00-"Bloc final veteran ",
17:00-"Remise officielle de grades, Session 29 Jan et 22 Févr",
17:00-"Pesée non officielle Cadets et Juniors",
18:00-""Pesée officielle Cadets et Juniors".
16 aprily 2022 :
08:00- Fanombohan'ny fifaninanana ho an'ny Cadets sy Juniors,
14:00-"Ouverture officielle (demonstration kata – discours et remise de grade) ",
15:30-"Cadets et Juniors bloc final".
17 aprily 2022 any amin' ny "Madagascar Judo Institute" :
10:00 - 12:00 : "training Camp Newaza technique",
14 :30 – 16 :30 : (demonstration kata – discours et remise de grade),
15:30-"training Camp Open Mat et Randonri ".

***Rainilita***

**COSAFA 2022**

# Nivoaka ny fandaharam-potoana rehetra

Nivoaka ankehitriny ny fandaharam-potoana hanaovana an'ireo fifaninanana COSAFA eo amin' ny baolina kitra amin'ity taona 2022 ity:
-Ny 5 ka hatramin'ny 17 jolay 2022 dia any Durban no hatao ny «Cosafa Senior Homme",
-Ny 4 ka hatramin'ny 14 aogositra 2022 dia any KwaZulu-Natal, no hanatanterahana ny « Qualifications Champions League CAF Dames 2022 pour la région de la Cosafa »,
-Ny 31 aogositra ka hatramin'ny 11 septambra 2022, no hanaovana ny « Cosafa Senior Dames »,
-Ny 17 ka hatramin'ny 25 septambra any Durban, no hantanterahana ny "Cosafa Beach Soccer",
-Ny 6 ka hatramin'ny 16 ôktôbra 2022 any Eswatini no hanatanterahana ny « Qualification CAN U20 Hommes 23 pour la zone Cosafa »,
-Ny 28 ôktôbra ka hatramin'ny 6 nôvambra 2022 no hanaovana ny «Qualification du championnat scolaire CAF Garçons pour la zone Cosafa »,
-Ny 30 nôvambra ka hatramin'ny 10 desambra 2022, no hanaovana ny « Qualification de la CAN U17 Garçons 2023 pour la zone Cosafa,
-Ny 30 nôvambra sy 10 desambra 2022, no hanatanterahana ny «Cosafa U17 Filles ».



*Cosfa women.*

***Rainilita***

**Basket-ball**

# "Coach Hyacinthe" no voafidy ho "CEBB" any Boeny

Voafidy ho "CEBB Régional" ho an'ny Ligim-paritry ny basikety any Boeny, Randrianjafy Tsimialona Hyacinthe Pascal na i "Coach Hyacinthe", avy ao amin'ny Klioba "SBBC" Mahajanga.

Tamin'ny sabotsy 9 aprily 2022 lasa teo, no nanatanterahana ny fifidianana nahalany azy, ka ireo mpanazatra am-perinasa manana ny karatra mahampanazatra taona 2021, no nahazo nandray anjara tamin'ny fifidianana.




*I "Coach Hyacinthe".*

Mandritra ny efa-taona no haha-filohan'ny CEBB "Conseil des Entraineurs de Basket Ball" azy, ka hiantsoroka ny andraikitra fampitomboana ny traikefan'ireo mpanazatra any amin'ny Faritra misy azy, hijery ifotony ihany koa ny fivoaran'ireo mpilalao, sy klioba ary ireo mpanazatra any amin'ny Ligim-paritry ny basikety any Boeny.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Tripy saosy, na vorivorinkena saosy** indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao saosy amin'ny tongolo sy voatabia ary sakamalaho ny tripy. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoraly amin'ny bilarziôzy



Fanafody natoraly amin' ny kankana bilarziôzy indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
- Tongolo gasy : ronono 1 vera, tongolo gasy hasiny 3 totoina. Ampangotrahana miaraka amin'ny tongolo gasy voatoto ilay ronono. Sotroina isa- maraina mandritra ny 7 andro.
- Papaye : atao jus miaraka amin'ny voany 1 vera, sotroina maraina mbola tsy nisakafo. Atao in-2 isak'herinandro.
- Tamotamo frais atao jus, tsy hasiana siramamy na tantely.
- Clou de girofle : 5 ampangotrahana amin'ny rano 1 vera, atao isan'andro mandritra ny 2 herinandro.


## OFFRE D'EMPLOI

POUR ETOFFER SON EQUIPE COMMERCIALE,

UNE SOCIETE CHERCHE HOMMES DE TERRAIN

**PROFIL :**

1 - BAC +2 MINIMUM EN : GESTION, COMMUNICATION ou COMMERCE.
2 - PERMIS DE CONDUIRE A' (MOTO).
3 - HOMMES AGES DE 25 A 35 ANS.

VEUILLEZ ADRESSER VOTRE DEMANDE D'EMPLOI ET VOTRE C.V. (insérer votre contact / numéro de téléphone pour contact rapide) A L'ADRESSE MAIL :

kavirga.recrute@gmail.com